Fitondrana Rajoelina 3

Matahotra ny marina hiseho dia manao fanakantsakanana

Tononkira

VELORANON'IARIVO

Tarika Ny Ainga. 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Pasitera Edouard RMDM 2

Manamafy fa eny Ambohi-jatovo ny sabotsy izao

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 18 febroary 2021 Laharana 1129 Vidiny : 400 Ar

Tatitra ataon'ny depiote TIM ny sabotsy izao 2

Eo Ambohijatovo ihany tsy misy ny fiovana

Depiote Todisoa Boriboritany faha-VI 3

Fahavalom-pirenena ireo mpitondra amin'izao fotoana

Fikojakojana ny lalana eran'i Madagasikara 5

Orinasa madinika 200 mbola tsy nahazo ny volany

Qualifiers Afrobasket 2021 –Fenêtre 3 6

Manoman-tena fatratra ny Malagasy any Tonizia

Ankarandoha Betroka 6

Fiara nitondra razana norarafan' ny dahalo tifitra variraraka

Belo sur mer 6

Zandary iray lavo nandritry ny fifandonana tamin'ny dahalo

Daka kely

Ahoana daholo reto volan'olona tsy voaloan'ialahy isany reto ry Boaikely a !

TATITRA ATAON'NY DEPIOTE TIM NY SABOTSY IZAO

Eo Ambohijatovo ihany, tsy misy ny fiovana

Raha ny fanambaràna nataon'ny solombavambahoaka Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny fandaharana Miara-manonja omaly, izay voafidy tao amin'ny Boriboritany voalohany, Me Hanitra Razafimanatsoa dia tsy miova ny toerana hanaovana ny tatitra ny sabotsy izao, fa ao amin'ny kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo ihany, tsy misy fiovana ny fandaharam-potoana. Nanamafy ity depiote ity, fa Boriboritany voalohany Ambohijatovo, ka ao no hisantarana ny toerana hanaovana tatitra. Avy eo hitohy any amin'ny boriboritany 6 eto Antananarivo Renivohitra izany . Ny sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariampirenena (SEG), ny jeneraly Richard Ravalomanana, no nanambara raha nanao tatitra tany an-toeran-kafa ireo depiote dia nolazainy tamin'izany , fa tokony any amin'ny toerana nahalany anareo no tokony hanao tatitra, fa tsy any amin'ny faritra hafa. Manaraka ny tenin' ny SEG izahay hoy ny depiote Me Hanitra, ka tsy tokony hisy ny fanakantsakanana, satria zon'ny solombavambahoaka ny fanaovana tatitra amin'ny vahoaka nifidy azy. Mahakasika ny hoe hatao zaridaina bôtanika Ambohijatovo araka ny nambaran'ny ben'ny tanàna Vazahabe, mbola tsy nisy mpanolotsainan'ny tanàna nanapaka izany, far aha ny tapaka tao anivon'ny mpanolotsaina farany aloha hatreto mahakasika ity zaridain'Ambohijato vo ity dia kianjan'ny demokrasia izany. Nanaonao foana indray izany ny kaominina sy ny ben'ny tanàna Vazahabe raha hanao ho zaridaina bôtakina io kianja io, satria tsy nahazo fankatoavana tamin'ny filan-kevitra monisipaly izany. Kianjan'ny demokrasia Ambohijatovo satria misy dikany matoa natao ao ny tsangambaton'ny filoha Profesora Zafy Albert, natao ho kianja fanehoan-kevitra io kianja io. Ka na inona lazain'ny kaominina, nanamafy ny Miara-manonja, fa tsy misy fiovana ny tatitra ny sabotsy izao, fa ao Ambohijatovo. Hidorehitra mena sy hangorom-potsy indray izany ny kianjan' ny demokrasia amin'io fotoana io. Ankoatra izany, ny mpitandro filaminana mpiaro vahoaka ny andraikiny, fa tsy mpidaroka vahoaka ka tsy hivaona amin'izay izy ireo.

Ny tsangambaton'i Profesora Zafy Albert ao Ambohijatovo.

Helisoa

Pasitera Edouard RMDM

Manamafy fa eny Ambohijatovo ny sabotsy izao

Nitafa tamin'ny mpanao tetsy Bel'Air Ampandrana ny avy amin'ny RMDM afak'omaly, natarihan'ny filoha lefitra avy amin'ny Faritanin'I Toliara, Pasitera Edouard Tsarahame. Nambarany fa amin'ny maha mpanohitra azy ireo dia tsy misalasala izy ny milaza ny tsy mety ataon'ny mpitondra amin' ny fitantanana ny firenena. Miverin-dalana ny fampandrosoana ny fitantanana ity firenena ity ankehitriny hoy Pasitera, ny testamenta taloha indray no andehanantsika amin' izao fa novaina fotsiny ny anarany. Efa nisy izany "tsaky pop" izany taloha, fa novaina ho Kaly Tsinjo ankehitriny. Tamin'ny andron'ireo razambe taloha no nampiasana izany lava- drano izany, ankehitriny natao "forage" indray ny anarany. Ny taloha ihany izany no miverina, ka ny dikan'izany dia mihemotra tanteraka i Madagasikara amin'ny tsy fahaizana mitantan'ny fitondrana Rajoelina hoy ny RMDM. Manao antso avo amin'ny vahoaka malagasy izy ireo : mitsangàna ary mifohàza, manainga antsika ny sabotsy ho avy izao hoy izy hihaino ny tatitr'ireo solombavambahoaka eny Ambohijatovo. Aza atao biby fampitahorana ireo mpitandro fialaminana, fa an'ny vahoaka ireo ary ny vahoaka no mandoa ny karaman'izy ireo. Miantso ny mpitandro filamianana ihany koa izy, fa ny mpitondra dia mandalo, fa ny firenena no mitoetra.

Ireo avy amin'ny RMDM, nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana afak'omaly.

Isambilo

Raharaham-pirenena

Tokony hametra-pialana ny mpitondra tsy mahavita ny andraikiny

Ho an'ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina, sy ny fitondrana tarihan'i Andry Rajoelina, ny demokrasia dia "Fanjakan' ny Vahoaka, avy amin'ny Vahoaka ary ho an'ny Vahoaka". Dikan-teny mila ampahatsiahivina na ampahafantarina mihitsy aza ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo, Franck Naina Andriantsitohaina, sy ny mpitondra ankehitriny, izay iraisany petsapetsa amin' ny fanakantsakanana eo amin'ny fahalalahana maneho hevitra. Afak'omaly, dia namoaka fanambarana I Franck Naina Andriantsitohaina, fa amboarina ho "Parc Botanique" ny zaridainan'Ambohijatovo. Izany fanambarana izany dia navoaka ny ampitson'ny fametraham-pahafantarana nataon'ireo solombavambahoaka TIM teo amin'ny prefektioran' Antananarivo, fa hanao tatitra izy ireo amin'ny sabotsy 20 febroary 2021 izao. Rehefa tsy sahinareo fitondrana ny nanitsaka ny Lalampanorenana tamin'ity indray nitoraka ity amin'ny alalan'ny herim-pamoretana, dia indro indray ny Ben'ny Tanàna manao ny asa maloto mamorona tetika hafa indray hanakatonana ny zaridaina hanaovana sarintsarin'asa. Dia ny Kianjan'ny Demokrasia ve no hovaina ho lasa "Parc Botanique"? Hevitra avy amin' ny maha-vazaha azy izany. Ezahan'ny fitondrana amin'ny fomba rehetra ny hanampim-bava an'ireo mijoro hilaza ny marina eto amin'ny firenena. Anaovana antsojay ny mpitarika ao amin'ny Miara-manonja, sakanana ny fandaharana any amin'ny faritra, anaovana "brouillage" eto an-drenivohitra. Ankehitriny dia ny Demokrasia mihitsy no itsahanireo an-kitsirano amin'izany hevi-bazaha, "Parc Botanique" izany. Zimbazimbainareo indray ny anaran'ny Profesora Albert Zafy, izay natsangana ho rain'ny Demokrasia eto Madagasikara, ary antony nametrahana ny tsangambatony eo amin' io toerana io. Tsy nisy hatreto firenena milaza azy ho demokratika, ka tafajanona teo amin'ny fitondrana rehefa tsy ankatoavin'ny vahoaka. Tsy marin-toerana intsony ny fitondrana amin'izao noho ny tsy fahaiza-mitantana mahatonga an'izao fitondrana izao hisy fahoriana manerana ny Nosy izao: ny tsy fisian-drano, ny delestazy, ny fako eran'ny tanàna, ny kere, ny vidimpiainana midangana, ny fahaverezana asa, ny fianarana tsy mandeha amin'ny laoniny, ny mpianatra sy ny Paramed tsy mahazo ny zony no sady rahonana, ny fanagejana ny famoaham-bokatra. Tsy adino ny raharaha maloto: ny "doublon", ny fitaovam-piadiana naiditra antsokosoko, ny volamena 73,5 kilao, ny fanodinkodinana ny fanampiana COVID-19. Noho izany, avelao ny solombavambahoaka hanao tatitra malalaka eo amin'ny Kianjan'ny Demokrasia Ambohijatovo ary avelao malalaka ireo izay te-hanatrika, fa aza sakanana. Tsy tompon'ny teny sy ny hevitra ny fitondrana ary maro ny andraikitrareo tsy voasahana koa mandeha tanteraho, raha tsy izany dia mametrà fialana.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Kianjan'ny demokrasia
Fantaro ny mahakasika an'Ambohijatovo

Manana ny toerany io Kianjan'Ambohijatovo io satria nitrangan'ireo hetsika maro tamin'ny vanimpotoana samihafa.
Tamin'ny faramparan'ny Repoblika voalohany dia tao Ambohijatovo no nihaona ny Minisitry ny fampianarana Laurent Botokeky sy ireo mpianatra nitokona tamin'ny volana Aprily 1972 .
Navadika ho kianja filalaovan'ny ankizy ny tao Ambohijatovo tamin'ny Repoblika faharoa, nisy hatramin'ny fitaingenana fiarandalamby kely ho an'ny ankizy, tsy dia naharitra anefa izany satria vetivety dia simba ny lalamby satria tsy nisy fikojakojana toy ny zava-drehetra tamin'ny Repoblika faharoa.
Niverina ho toerana famoriambahoaka indray Ambohijatovo, ka hita tao avokoa na fanehoan-kevitra politika, na fotoam-pivavahana na fampisehoana samihafa.
Ny 17 Janoary 2009 dia nanapakevitra ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra tamin'izany , izay filohan'ny Repoblika amin'izao fotoana izao Andry Rajoelina, fa ho « Kianjan'ny Demokrasia » Ambohijatovo ary izy Andry Rajoelina mihitsy no nitokana azy , sady niteny izy tamin'izany, fa ho kianja natao fanehoana hevitra tsy ilana fangatahana alalana any amin'ny Cua sy ny « préfecture de police » io kianja io. Indroa nampiasaina ihany anefa io kianja io dia ny 17 sy 24 Janoary 2009, satria nidina teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey indray ry Rajoelina nanomboka ny alatsinainy 26 Janoary 2009, dia teny Analakely no niainga ny hetsika fandoroana tanàna tamin'io Alatsinainy mainty io.
Niaraha-nahalala fa niafara tamin'ny fialan' ny Filoha Ravalomanana teo amin'ny fitondrana ny hetsik'ireo tsy matahotody.
Ny Sabotsy 21 Marsta 2009 dia teo Ambohijatovo no nanombohana ny hetsika nitakiana ny fodian'ny Filoha Ravalomanana , kinanjo taoriana kely dia navadiky ny mpitondra mpanongam-panjakana ho « kianja voarara » ilay nambara ho « kianjan'ny demokrasia ». Narovana mafy ary tsy azo namoriana olona intsony.
Ny 17 Janoary 2012 raha tonga nanatitra fehezamboninkazo tao amin'ny « kianjan'ny demokrasia » ny Filoha Zafy Albert mivady dia tsy navela niditra tao, fa teo amin'ny vavahady andrefana ny fehezamboninkazo no napetraka ary napoaka ny baomba mandatsa-dranomaso, ka jenjina tao ny Filoha Zafy Albert mivady, izay ray amandreny efa valopolo taona mahery tamin'izany. Ny SEG amin'izao fotoana izao, ny jeneraly Richard Ravalomanana, no lehiben'ny Emmoreg tamin'izany, nanapoaka ny baomba mandatsa-dranomaso.
Ny volana Oktobra tamin'ny taon-dasa dia nisy ny fametrahana ny tsangambato misy ny sarin'ny Pr Zafy Albert tao anatin'ny kianjan'Ambohijatovo, nahazo fankatoavana tamin'ny Filankevitry ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra izany tsangambato izany, izay midika hoe eken'ny mpitondra ankehitriny ny fahafahana maneho hevitra ao, satria ny Pr Zafy dia lohalaharana tamin'ny fandalana ny demokrasia sy ny fahalalahana maneho hevitra .
Ny mampihomehy ankehitriny dia milaza indray Ingahy Ben'ny tanàna Vazahabe, fa ho « parc botanique » indray hono Ambohijatovo ary efa nanomboka nikarakara izany hono ny Cua tao anatin'ny andro vitsivitsy, kanefa dia tsy nandalo tao amin'ny filankevitry ny tanàna izany fanapahana izany, fa dia hevitra taingina fotsiny nataon'Ingahy Vazahabe isakanana ny tatitra ataon'ireo Depiote Tim voafidy teto an-drenivohitra.
Tsy hihemotra ireo solombavambahoaka ary ireo vahoaka koa vonon-kandroso satria voalazan'ny lalampanorenana, fa asan'ny Depiote ny manao tatitra ary ny vahoaka mpifidy manana zo hahazo tatitra , koa antenaina fa ho tonga hiaro ireo vahoaka, izay azo antoka fa hanao tsy omby aloha, ireo mpitandro filaminana, izay zana-bahoaka rahateo, hanome voninahitra ilay teny filamatra manao hoe : « hiaro ny vahoaka sy ny fananany ».
Sabotsy izany mifankahita e !

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina
Matahotra ny marina hiseho dia manao fanakantsakanana

Miha-mafy ny fitsikerana ataon'ny mpanohitra, momba ny fitantanana ny raharaham-pirenena tsy mizotra amin'ny laoniny ataon'ny fitondrana, amin'izao Repoblika IV-2 izao. Efa ho taona iray izao dia tsy misy mangaraharaha ny nampiasana ireo vola fanampiana nomen'ny mpiara-miombon'antoka niatrehana ny covid-19. Raha manodidina ny eninjato tapitrisa dolara dia ny antsasany ihany no nanaovan'ny mpitondra tatitra ary ny ambiny dia tsy fantatra izay nampiasana azy, ka misy mihitsy ny sahy milaza fa lasa any am-paosin'ny mpitondra. Toa marina tokoa izany satria raha ny resaka mandeha dia nividy "jet privé" ny minisitry ny Fitantanam-bola sy Toekarena. Tsy mbola nisy nitsipaka ny tsy fahamarinan'izany aloha ny ao amin'ny fitondrana hatramin'izao. Ny fanampiana ara-tsosialy isan-karazany nomena ny vahoaka aloha dia tsy nisy nandeha araka ny tokony ho izy satria na dia nirotsaka an-tsehatra mihitsy aza ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, sy ny minisitra sasany dia nimenomenona ny tokony ho nisitraka izany, satria maro no tsy nahazo kanefa nisy koa ny nahazo in-droa na in-telo. Tsy mazava ihany koa ny nampiasana ny tetibola nokantsanana tao amin'ny Antenimierandoholona nolazainy fa nalefa tany Atsimo nanampiana ireo mponina any tratry ny kere, satria efa ho amin'arivony no nifindra monina niakatra aty Antananarivo sy any amin'ny tapany Avaratry ny Nosy. Tsy azo afenina ihany koa ny raharaha "bonbons sucettes" sy ny "écrans plats", izay nentina niatrehana ny covid-19 teo amin'ny sehatry ny fanabeazana, sy ny tao amin'ny minisiteran'ny Atitany. Amin'izao fotoana izao dia natosaka eny an-tsena ny "vary tsinjo" ary eny amin'ny faritra sasany eto an-dremiezaka manao fampihorohoroana amin'ny Filoha, Ravalomanana Marc, amin'ny fametrahana herim-pamoretana eo amin'ny arabe ampitan'ny trano fonenany. Etsy ankilany koa dia nantsoina teny Fiadanana ny mpiara-manentana ao amin'ity onjampeo ity, Ralaiseheno Guy Maxime sy ny minisitra teo aloha Ndrianjato. "Misitri-belona" hoy ny gazetin'ny mpitondra iray kanefa fomba fanaon'ny mpitolona izany rehefa henjehina satria hamoronana dosie izy, ka tsy maintsy miditra am-ponja amin'ny fotoana tsy voafetra raha vao mamaly ny fiantsoana. Efa nisy nanao izany ireo ao amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao tany tamin'ny fotoan'androny. Manaporofo izany ny raharaha Rolly Mercia izay ny hetsika teny Ambohipo no nisamborana azy kanefa nivadika ho fanodikodinambola tao amin'ny ORTM, sy fanalam-baraka ny mpandraharaha teratany Malagasy mpomba ny fitondrana ny raharaha, ary tsy nomena fahafahana vonjy maika izy na dia efa niverina tamin'ny teniny ilay tovolahy nanondro azy ho nanome vola ny mpanao fihetsiketsehena teny Ambohipo. Nanao fampahafantarana ny préfet de police ireo solombavambahoaka enina mianadahy vofidy eto Antananarivo, fa hanao tatitra ho an'ny vahoaka eto, eo amin'ny Kianjan'ny Demokrasia, Ambohijatovo, ny sabotsy ho avy izao. Mikoropaka indray ny mpitondra manoloana izany, ka notakonana ny eny amin'ny ilany atsinanana ary nanambara mihitsy ny ben'ny tanàna fa tsy afaka mandray hetsika io kianja io. Nilaza hanao hetsika eo ihany koa ny mpanohana ny fitondrana, ka miendrika fihantsihana izany satria tsy nisy nikasa nanao hetsika tany amin'ny toerana nanaovany fambolen-kazo ny sabotsy lasa teo. Tsapa arak'izany fa tsy vitan'ny mampihorohoro ihany izao fitondrana izao, fa tena manao fihantsiana mihitsy, ka asa izay hataon'ny mpitandro ny filaminana na hanao izay tsy hisian'ny fifandonana na hitohy hiaro ny mpanohana ny fitondrana. Ny matahotra ny marina hiseho no manao fanakantsakanana satria ny "marina ihany no mandratra" hoy ny olon-kendry.

Andry Tsiavalona

Depiote Todisoa Boriboritany faha-VI
Fahavalom-pirenena ireo mpitondra amin'izao fotoana

Nandritra ny fandaharana Miara-manonja dia namaritra ny antsoina hoe: fahavalom-pirenena ny depioten'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-VI Antananarivo Renivohitra, Todisoa Andriamampandry. Tamin'izany no nilazany, fa ireo mpitondra amin'izao fotoana no tena fahavalom-pirenena. Fahavalom-pirenena hoy izy ny lany andro amin'ny fanenjehana sy famaliana ny mpanohitra ataon'ny mpitondra fanjakana, fa tsy ny andraikitra tokony ho sahaniny, sy izay mahasoa ny vahoaka no jereny. Mampiseho ny tsy fahafaliana daholo ny olona sy sampana maro, toy ny mpianatra, ny paramed, ny sendika maro, ny mpitondra kalesa, ny mpivarotra amoron-dalana. Ary rehefa mba misolo vava an'ireo ny mpanohitra dia lazaina fa mpandainga sy mpanakorontana. Misy

Ny depioten'i Madagasikara voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-VI, avy amin'ny antoko TIM, Todisoa Andriamampandry.

mihitsy àry ny depiote mpisolelaka milaza fa ny mpanohitra no fahavalom-pirenena. Ka aleo faritana mazava ny atao hoe fahavalom-pirenena hoy ny depiote Todisoa:

- ny fahavalom-pirenena dia izay manondrana antsokosoko ny harem-pirenena,
- ny fahavalom-pirenena dia mampidangana ny vidim-piainana, hany ka zara raha mihinana ny vahoaka,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy miaro ny vahoaka sy ny fananany, tsy mahatohitra ny asan-jiolahy sy ny asan-dahalo,
- ny fahavalom-pirenena dia tsy manome rano fisotro madio, sy mampisy ny kere eto amin'ny firenena,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy mampisy ny jiro, tsy mahafehy ny delestazy,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy manome asa ho an'ny olona,
- ny fahavalom-pirenena dia izay mpitondra tsy mamela malalaka ny fanehoan-kevitra.

Iza daholo no manao izany? Zavatra hita maso no resahina fa tsy foronina. Tsy ny mpanohitra no manao ireo zavatra voatanisa ireo, fa ny mpitondra tarihan'ny filoha Rajoelina hoy izy.

Stefa

Vehivavy TIM
Ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabana

Ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabana tratry ny Asaramanitry ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM). Araka ny fanambarana nataony: rehefa nivory ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM), tao amin'ny QG Bel'Air Ampandrana omaly alarobia 17 febroary 2021 dia nanapa-kevitra, fa ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifampiarahabàna tratry ny taona tokony hatao ny sabotsy 20 febroary 2021 ho avy izao. Ny antony dia noho ny fotoan-dehibe eny Ambohijatovo ny sabotsy 20 febroary 2021 ho avy izao, hanatrehana ny tatitra hataon'ny depioten'Antananarivo avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara. Ireo mpivory dia mitaona ny vehivavy TIM rehetra, ho tonga eny Ambohijatovo, fa zava-dehibe ny tatitra hataon'ireo depiote amin'io fotoana io. Masina ny tanindrazana hoy hatrany ny fanambarany.

Helisoa

Ny sasany amin'ireo vehivavy TIM.

TONONKALO

NY MPANOHITRY NY TAONA 2021

Hendry lavitra mihitsy ny mpanohitra amin`izao.
Tsy toy ny tamin`ny anareo izay tena tsisy kalitao.
Fa ny azy tsisy herisetra ka milamina ny tolona,
Tsy tahaka ny anareo izay misy fanozonana olona !

Hendry lavitra mihitsy , tsy mba tia manao androvo,
Toy izay nataonareo tia manarama andian-jatovo,
Fa mitaona ny rehetra , hijoro , tsy hitazantazana.
Ka hamelona ao anatiny ny fitiavan-tanindrazana !

Ny azy tsy ny laingalainga , tsy izany no mibahana.
(Tsy kabary feno sira, miharo habobo fidedahana !)
Fa dia teny tsotra ihany no ao anaty fanentanany,
Mariky ny fo madio sy fahendrena izay ananany !

Tena hendry raha tsaraina ny mpanohitra amin`izao.
Tsy `lay tanora mievotrevotra , tia manao ny tsy fanao,
Fa tena misy fivoarana azo mba tsapaina tanana,
Ary irina mba hitondra ho amin`ny tena fiadanana !

…Mahereza ry mpanohitra , aoka tsy hiala vehana.
Mila anao `ty firenena eo an-dalam-pilentehana.
`Andeha hiaraka manonja , avia ka hafanao ny fatana,
Fa ny gasy manontolo no miandrandra fisandratana !

TSIMIMALO (15-02-21)

KOLONTSAINA SY ZAVA-KANTO

Manome lanja ny famoronana ny Tarika Maboto

Maboto, midika ho tovolahy matanjaka na « Jaolahy » eo amin'ny fiainana. Ny taona 2018 no nahita masoandro ny tarika Maboto, tarihan'i Manitra. Ity farany izay zanak'Ilaka centre distrikan'Ambositra. Tarika miezaka manajary mozika vaovao amin'ny alalan'ny fampiarahandalana ny gadona malagasy sy vahiny.

Manitra, lehiben'ny tarika Maboto sady mpamoron-kira.

Mamorona, mampita hafatra mahitsy toraka

Ny gadona « afro beat » ampiarahana amin'ny gadon-kira avy eto Madagasikara. Io no raikipohy vaovao eo anivon'ny habaky ny hira sy ny mozika ampiharin'ny tarika rehefa manajary ireo sangana-sany ny tarika. Nomarihan'i Manitra, mpitarika ny Maboto, fa ezahana hatrany ny hamorona hira mirakitra hafatra, izay miendrika fananarana sahaza ny isam-batan'olona. Nanosika azy ireo hanambatra ny « Afro beat » amin'ny bankira malagasy ihany koa ny fanandratana ny maha Malagasy amin'ny alalan'ny hira eran'ny vazantany sy hatrany Dilambato. Ireo trangam-piarahamonina etsy sy eroa, no akora fototra ampiasain'ny tarika Maboto. Vokany, misandrahaka amin'ny lafimpiainana maro ireo tononkirany. Anisan'ireny ny lafiny fitiavana, ny maha sarobidy ny Reny, sns... I Ando sy Herman, izay mpandihy eo anivon'ny Maboto no miketrika ireo soradihy, hoy i Manitra. Tsy misy, araka izany, ny fakana tahaka fa ny asa famoronana no ampanjakaina hatrany, hoy ny tovolahy. Manana efitrano fandraisam-peo azy manokana ihany koa ny tarika, izay manamora ny fomba fiasan'izy ireo.
Anisan'ny mampiavaka ny Maboto ny fananana tononkira mahitsy toraka eo amin'ny fampitana ireo hafatra ho an'ireo mpankafy. « Tsy fahasiahana akory », hoy i Manitra, fa mba hahafahana mifanakaiky bebe kokoa hatrany amin'ireo mpanjifa ny mozikanay. Ampahany amin' ireo vazon'ny Maboto efa be mpankafy ny: « Tsy mavozo misaraky », izay rindran-tsary voalohany ihany koa ho azy ireo. Ny « Tiako ny zanakao », ity farany izay azo avy amin' ny fampiarahana ny « Afro beat » amin'ny bankira avy eto Gasikara. Tsy ho ela ny hivoahan'ilay vazo vaovao be « Marodona » hahenoana feon' angorodao. Mitohy ny lalana ho an'ny tarika Maboto !

Lalasoa R.

Mazotoa mihira

Fotoana tokony hanehoan'Antananarivo firaisankina indray ny sabotsy izao etsy Ambohijatovo, amin'ny tatitra hataon'ireo depiote eto Antananarivo Renivohitra avy amin'ny antoko TIM, sy ady ihany koa amin'ny tsy rariny rehetra misy eto amin'ny firenena. Hira mahakasika an'izay no atolotra antsika androany, hiran'ny tarika Ny Ainga : Veloranon'larivo. Dia mazotoa mihira e !

Veloranon'larivo

Mpihira: Tarika Ny Ainga.

"Misy hafatra tiako ambara ou ou ou ou !
Hafatra ara-tantara e e roy e !
Tiako ... Tiako Antananarivo .

" Na rasaraka lery na Antandroy
Na Antakarana sy Antaisaka
Tonga eto dia tsy mahafoy
Tsara monina tsisy voadaka
Dia ialahy samy ialahy indray ve ?
No hifanjevo hanaiky ho zarazaraina
Handranitana resaka mainty sy andevo
Kanefa samy eto an-tanàna .

Réf: (Tsy ekena) Tsy ekena e e e !
Tsy ekena (2)
Tsy mantsy mijoro (2) Antananarivo
Tsy mantsy mijoro e !
Tsy mantsy mijoro amin'ny firaisan-kina Antananarivo

Ny zanantsika efa miondana Rap
Io ny Casino -ntSinoa sy Karana
Misy tononkira efa mitapy
Dia misosa fa tsisy lalàna
Sao mba tsy ho avotra intsony
Tsy hisy Olomanga ny pokona eto amin-tanàna
Fa revo mirevy amin'ny fiainana janga
Ka ho loza ny antsika ry akama
Ou ! ou ! Antananarivo (2)

Ny tantaran'ny faritany ity e !
Na ny lazan'ireo Olomanga
Very hanjavona leisy lery e !
Ny kolontsain'ny Tabora no banga
Nankaiza ny fasan-dRy Rainandriamampandry
Na ry Rainimboay tsy hita
Ny fasan-dRainiaro aza leisy ry zandry
Teo nolalovan'ny alika

Andafiavaratra sy Anatirova
Nogafin'ireo matesa faty
Dia nodorany tsisy hisy mpandova
Fa ny valin'io mbola tsy ho tanty
Niara-maty novonoina tamin-dRatsimandrava
Ny marina sy ny mazava
Ny sasany amin'ny taranaka Andriana
Aza leisy dia voatampim-bava (...)
Eh ! Ratsimandrava .

Ny Menalamba aza nanao défi
Sahy maty niaro tanàna
Tsy nanaiky an'i Gallieni e !
Ka dia niady sy nifampitana
Firifiry ny razan'ialahy nojinjaina
Ka matin'ny 47 e !
Dia ialahy indray ve no tsy hanaiky fihovana
Rehefa vita izao fa tsy mety

Réf: (...)

Zanak'iza ireo matin'ny FRS a !
Ny aferan'ireo Kung-fu ?
Mba valio ary koa mandrenesa !
Ràn'iza ilay tamin'ny 10 août ?
Valio ! (2) Aho ry Antananarivo
Nankaiza ireo râ nandrika ?
Dia ho sorona foana ve leisy Lemizo
Ny tary amin'ny tanànantsika ?

Réf: (...)

Ny orinasa mba vitan'ny Gasy
Reharehan'ny autonomie
Dia nakatona hangasihasy
Dia isika no 4-mi !
Nototofana i Betsimitatatra lahy
Ka ny vary Sinoa no mipasy
Fa ny tanimbarin'ny razan'ialahy
Natakalo ny Zone Franche

Réf: (...)

Sakafo Ny Valosoa

Akoho endasina indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Mbola ny soa azo avy amin'ny akoran'atody (tohiny)

Mbola ny soa azo avy amin'ny akoran'atody no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:
-OMENA NY AKOHO OMPIANA :
Kobano ny akoran'atody. Andrasana ho maina dia totoina. Dia apetraka eo amin'ny toerana fanomezan-tsakafo ny akoho. Ho an'ny mipetraka any amin'ny tany be huitres dia azo atao toy izay koa ny akorana huitres, fa tena tian'ny akoho.
Ary tsy ho an'ny akoho ihany fa azo omena vorona, saka, alike koa izany.
-ANASANA VILANY :
Potehina ny akoran'atody, afangaro amin'ny savony dia hanasana ny vilany.
-MANAMAFY NY HOHO :
Potehina ny akoran'atody dia atao anaty vernis.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Matsondana, any amin'ny distrikan'i Befandriana Avaratra, faritra Sofia

Ny tanànan'i Matsondana, any amin'ny distrikan'i Befandriana Avaratra, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Matsondana ity tanàna ity. Any amin'ny faritra atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 907 m ny haavony miohatra aamin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Befandriana Avaratra, vokatra any Matsondana ny vary.



NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

"Anaka, aza avela hisy hamitaka anareo: izay manao ny marina no marina; eny, marina tahaka Azy."

I Jaona 3:7

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Vonona hiady amin'ny tsy rariny amin'ny endriny rehetra ny vahoaka ny sabotsy izao

Andrianjakahasina Rasamimanana : vonona hiady amin'ny tsy rariny amin'ny endriny rehetra ny vahoaka ny sabotsy izao io etsy Ambohijatovo. Jadona- fahantrana- fangalalarana ny harena, sns… ndao ary!

Ravaka Tsimijaly Volaravo : Vonona izahay fa Handeha ahia antsika? Ino Système ataontsika raha ohatra miala izy? Ha- raka ny hevitrinay dia sam- by manangana Drapeau nany e, manangana i Diego,manangana i Majunga,manangana i Tuléar, manangana i Fianarantsoa,manangana i Tamatave,manangana i Tananarive.dia samby mampandroso Faritani- nany avy.Eo tsisy malo eky antsika.

Soagasy Rafsah : zahay vonona e! misy hetsika ataon'ny aty dilambato ve io 20 février io? zahay vonona ny hanohana h@ farany. Masina ny tanindrazana.

Joseph Rafaralahy : tsika efa hatramin'izay no efa vonona, taonan'ny fahasahiana ity taona 2021 ity hoy ny filoha Marc Ravalomanana, dia tena vonona!

Riribe Toamasina : ndao hiara-hientana hanavotra ny firenena fa tsy misy azo antenaina intsony izao. Mijoroa hatr@ farany ianareo DEPUTES TIM ireo, fa potika tanteraka ny firenena. Ilain'ny vahoaka ny tatitra mahakasika ny Lafiny TETI-BOLAM-PANJAKANA avy @nareo SOLOMBAVAMBAHOAKA, saingy tsara koa ianareo mba mihaino koa ny FEO avy @ vahoaka @ io sabotsy io.Miangavy antsika vahoaka rehetra izay mahatsapa fa tsy rariny intsony izao FOMBA hitondrana ny firenena izao mba ho Tonga maro eo AMBOHIJATOVO @ SABOTSY @ 09 ORA. SAHIA MIJORO HANAVOTRA NY FIRENENA.

Aims Gabriel Ranarison : ndao ary isika fa tonga ny fotoana hanaovan'ny depute tatitra eny amin'ny kianjan'ny demokrasia ambohijatovo, tongava daholo entano ny namana rehetra aza adino ny mitondra badge. Havoakantsika ny carton rouge ho an'ny fitondrana Rajoelina.

Denise Magneva : ndao fa Tena efa sempotra Ary raha tsy mihetsika dia mbola ho loza ny hahazo satria Malaso sy jiolahimboto no mitondra eto amintsika. Vonona mihitsy fa raha tsy zany dia amidiny hatramin'i Madagascar, Ary vahiny no hanandevo antsika eto satria tsy tompony tany intsony isika amin'izany.

Ondon Frida Randriatahinz : tsy nisy niteny fa Ra8 no hapetraka eo. Na izahay anatin'ny fanoherana aza tsy mbola mieritreritra an'izany, fa mbola ny ady amin'ny tsy rariny rehetra aloha izao no hatrehina. Aza alefa any amin'ny fankahalana an-dR8 ny saina.

Lova Rakoto : ok ok , ho avy isika e!

Hery Niaina FY : ok ho avy, ary hanentana ny namana rehetra ho tonga koa.

Jean Christian Ralainamana : vonona isika an !

Noro Voahangy Soalalao : ary samia misikina fa TSY OLOMBELONA no fahavalo , fa ny RATSY.

Heriniaina Rado Niaina : tena marina, ady ny ratsy sy ny tsara io!

Solange Talata : alefa aaaa! mijaly loatse ty gasy eeee!

Joseph Jocelyn Rolland Ranaivo : alefa !

Rakoto Matthias : vonona be.

Guy Romuald Randrianomenjanahary : VONONA!!!

Andry Raharison : ho aiza ?

Narindra Kely : ndao ary ô ! kianjan'ny demokrasia ny sabotsy izao.

Rian Ravel : lasa izao! Momba antsika ny tompo.

Ninie Doniah : vognono !

Yola Rf : o.k !

Denis Rasamoelina : bien sure, ho avy e !

Ilo Andrianarivelo : ny Tompo homba ny hetsika! Aza matahotra minoa fotsiny ihany! Taonan'ny fahasahiana ity taona ity!

Niaina Annaïs : miandry an'i Madagascar lafo "officiellement" anay vao hihetsika.

Rivo Mahandry : asio saosy, hihihiiiiiii !

Henri Ravison : vonona.

Idéal Amitié Confiance : ok, manohana sy manampy hatrany !

Nirilala Emile Randrianarison : vonona beuh !

Eric Albert Herijaona : amidin'ny sasany, mitsangana ny malagasy @ zao!!Ndao hiara- hitsangana, fa mbola tsy tara. Indrindra isika côtier.

Risou Razaka : ok!

Lazah Nirina : vonona be.

Laza Hugues : oui !

Fidy Andria : ary aza lasan-ko vavany eto amin'ny fb fotsiny ary.

Zé Gasy : lasa izao...

Saholy Nounousse : vonona eeee !

Marie Bernadette Raharisoa : vonona.

Nisa Arison : zaho décidé sady paré, ok!

TETIK'ASA TANOMAFY

Hanampiana ny tanora amin'ny fandraharahana sy ny asa

Tanora miisa 1200 avy amin'ny Fokontany miisa 41 eto Antananarivo Renivohitra no hisitraka ny tetik'asa "Tanomafy", amin' ny alalan'ny fanofanana an'ireto farany hiatrika ny fandraharahana sy ny famoronan'asa ary ny fidirana eny anivon'ny orinasa. Nisy ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin' ny Ong Saf/Fjkm sy ny fikambanana MED (Madagascar Entreprise Developpement), izay natao tetsy Antaninarenina ny talata maraina teo, mba hahafahana manohana ny tanora amin'ny fanatsarana sy mampivoatra ny tetikasa izay ananany, mba hahafahana manatsara ny fiainany. Hisy ny famolavolana tanora miisa 80 amin' ireo 1200 ireo ho lasa masoivohon'ny filaminana amin'ny alalan'ny fanofanana an'ireto farany amin' ny fitandroana ny fandriampahalemana eto andrenivohitra. Ny fikambanana MED izay efa manana traik'efa amin'ny fanofanana mpandraharaha madinika sy salantsalany, no handray an-tanana an' ireto tanora ireto ary hanome fiofanana feno mikasika ny fitantanana orinasa, sy ny fananganana orinasa, mba hanatsarana ny traikefan' ny ankizy ary hanatsara ny fari-piainan' izy ireo. Ankoatra izany dia sehatra iray ahafahan'ny tanora monina eny amin'ny faritra marefo manatratra ny tanjona amin'ny famitana ny tetik'asa "Tanomafy", ny fiatrehana ny hetsika "Ketrika sy kandra" andiany voalohany izay hotanterahina ny 29 Aprily 2021, ka hatramin' ny 01 Mey 2021 ho avy izao. Hetsika izay tohanan'ny tetik'asa "Tanomafy", ho an' ny tanora liana eo amin'ny sehatry ny asa, ao anatin'izany ny fampianarana ny fomba fahafantarana ny tena aloha, izany hoe ny fanehoana ny fahaizamanaon'ny olona iray alohan'ny hiatrehana ny sehatry ny asa, ny fahafantarana ny asa aman-draharaha tiana hatao sy mifanaraka amin'ny fahaizana, ny fampitomboana sy fanovozana fahalalana amin' ny fahaizana manao ilaina. Nilaza Ramatoa Fenitra Jeremia mpiandraikitra ny "Ketrika sy kandra", fa ho hita mandritra ny hetsika ny fanoroana ny asa mifanaraka amin'ny olona tsirairay, hisy ny atrikasa ho fanamafisana ny fahatokisan-tena, ny fanentanana ny tanora amin'ny fampivoaran-tena, ny fampahafantarana ny olona ireo karazan'asa sy ny fandraharahana misy, hisy ny fifaninanana lahateny fohy handresena lahatra ny mpampiasa, sns… Marihina fa efa nanomboka ny volana Janoary 2020 lasa teo ary hifarana amin'ny Jona 2021 ho avy izao ny tetikasa "Tanomafy", izay tohanan'ny Firenena Mikambana amin'ny alalan' ny fandaharan' asa "Peace building Fund". Betsaka ireo mpiara-mia-sa amin' ny Ong Saf/Fjkm amin'ny fanatanterahana ny tetik'asa, ao anatin' izany ny fikambanana Mira Aina, ny fikambanana Dinika sy rindra ho an'ny vehivavy.

Franck Razakambelo

Ireo ao amin'ny tetikasa Tanomafy.

Fikojakojana ny lalana eran'i Madagasikara

Orinasa madinika 200 eo mbola tsy nahazo ny volany

Sahirana amin'izao fotoana ireo orinasa madinika mpikojakoja ny lalana manerana an'i Madagasikara. Efa vita ny asa fikojakojana ny lalana nataony tamin'ny taona lasa 2020 nefa mbola tsy mivoaka hatramin'izao ny volan'izy ireo nanaovana ny asa. 180 tapitrisa Ar eo isaky ny orinasa, no tsy azo ny volany ary orinasa madinika mpanao lalana miisa 200 no nanatanteraka izany. Efa nanome taratasimbola ny Fond Routier ao amin'ny ministeran'ny asa vaventy sy ny fanajariana ny tany, fa any amin'ny tahirimbolam-panjakana ny olana, tsy mamoaka izany vola karaman'ireo orinasa ireo izany. Efa nangataka fihaonana tamin'ny Praiministra ny solontenan'ireo orinasa fa tsy voaray, koa miantso ny tompon'andraikitra izy ireo hamoaka izany anjara volany izany. Tamin'ny fanatanterahana ny asa, tsy nisy « avance » nomen'ny Fond Routier, fa ireo orinasa ireo ihany no niantoka ny vola nanaovana ny asa tamin'ny alalan'ny fisamboran'izy ireo vola tamin'ny banky. Ankehitriny anefa mbola tsy azo ny vola karaman'izy ireo, ka tsy voaverina ny volan'ny banky. Mahatsiaro sahirana tanteraka ireto orinasa maro ireto ankehitriny. Araka ny nambaran' ny solontenan'izy izy ireo ihany, vao mandeha 15 andro ny asa hatramin'izay dia misy ny vola mivoaka avy amin'ny mpampiasa dia ny fanjakana, sambany tamin'ity indray mitoraka ity no nisy volan'ireo orinasa mpikojakoja lalana tsy voaloa efa ho am-bolana maromaro izao, nefa tokony isan-taona dia hisy hatrany ny fikojakojana ireo lalampirenena atao manerana ny Nosy.

Ny solontenan'ireo orinasa madinika miisa 200 manerana ny Nosy, izay tsy voaloan'ny fitondrana ny volany.

Aly

ANKARANDOHA BETROKA

Fiara nitondra razana norarafan'ny dahalo tifitra variraraka

Tsy mifidy asiana ny dahalo amin'izao fotoana any amin'ny tapany atsimon'i Madagasikara iny. Fiara nitondra razana no norarafan'ny dahalo tifitra variraraka. Nampivarahontsana ny zava-nitranga, ny alahady maraina teo, tokony ho tamin'ny 8 ora sy sasany, tany amin'ny lalam-pirenena faha-13 (RN13). Fiara nitondra ny razan'i Jobin Marc Paul Bernard, lehilahy britanika, 64 taona, no notsenain'ireo dahalo dimilahy tamin'ny tifitra, tao Ankarandoha, fokontany Ambalasoa Anaviavy, avaratr'i Betroka any amin'ny faritra Anôsy iny. Naratra voan' ny bala teo amin'ny tanany havia ny mpamily. Na izany aza, mbola

Ilay fiarakodia nitondra razana voatafika.

afaka namerin-doha ny fiara izy, namonjy haingana ny tanànan'Anaviavy misy tobin'ny zandary. Nentina tao amin'ny CSB Betroka izy. Avy eo, nalefa any Ihosy hanohy ny fitsaboana. Tsy naharoba na inona na inona ireo olon-dratsy. Marihana fa nisy basim-borona 2 (5 coups), an'ilay vazaha, tao anaty fiara. Nanao haza lambo ireo jiolahy, avy hatrany, ny zandary ka roalahy no tratra tamin'io alahady io. Ny ampitson'iny dia nisy roalahy hafa indray voasambotra. Mpitantana orinasa ilay Britanika nindaosin'ny fahafatesana. Narary tany amin'ny kariera izy, araka ny fanazavan'ny zandarimaria, ka izany no nitarika ny fahafatesany. Notsaboina tao amin'ny CHD1 Amboasary Atsimo, saingy tsy tana ny ainy ny 9 febroary teo, raha ireo antontan-taratasy momba ny fahafatesany. Hiakatra aty an-drenivohitra ary haterina eny Alakamisy Fenoarivo Antananarivo Atsimonadrano ilay razana no izao tra-panafihana teny an-dalana izao.

Stefa

Belo sur mer

Zandary iray lavo nandritry ny fifandonana tamin'ny dahalo

Miseho lany ihany koa ny asan-dahalo any Belo sur mer any amin'ny faritra Menabe iny. Lavo nandritry ny tranga fifandonana tamin'ny andian-dahalo mitam-piadiana, ny zandary GHC, RAKOTONIRINA Alain Patrick, niasa tao amin'ny Vondrontobim-paritry ny zandarimariam-pirenena ao Morondava afak'omaly, izay namita iraka tao Antsira kaominina Belo/mer faritra Menabe. Olona 2 ihany koa no nalain'ireo andian-dahalo natao takalon'aina: vehivavy sy lehilahy. Ny basin'ilay zandary lavo dia nalain'ireo dahalo, saingy azo ihany niaraka tamin'ilay lehilahy takalon'aina iray rehefa

Ilay zandary maty am-perinasa tany Belo sur mer.

nisy ny fanenjehana sy fifandonana lavareny. Nandritra ny tontolo andron'ny afak'omaly, ka hatramin'ny nanoratana dia mbola ao anaty fanarahan-dia ireo zandary rehetra any amin'iny faritra iny ary irariana mba hahitàna vokatra izany. Baiko hentitra no nomen'ny Foibe fibaikoana ny Zandarimariam-pirenena dia ny hanavotana ilay vehivavy takalon'aina iray, sy ny hahasamborana ireo dahalo nahavita izao loza izao. Nahetsika noho izany ireo hery vonjy taitra rehetra manodidina hanao hazalambo any antoerana. Mirary fiononana ho an'ny fianakavian'ny Rahalahy lavo sy ho an' ireo mpiray Andiany aminy ny zandarimariam-pirenena.

Niaina

Ligue des champions UEFA 2020-2021

Lavon'ny PSG tao an-jaridainany ny FC Barcelone

Miditra eo amin'ny lalao ampahavalon-dalana ankehitriny ny fifaninanana baolina kitra : "Ligue des champions ny UEFA 2020-2021" any Eoropa. Tamin'ny talata 16 febroary 2021 lasa teo dia lalao niisa 2 no nanomboka ny fifaninanana lalao mandroso eo amin'izany 1/8-dalana izany. Samy resy an-jaridainany avokoa tamin'izany ny Rb Leipzig (Allemagne) sy ny Bacelone Fc (Espagne), izay lavon'ny Liverpool (Angleterre) 2-0 sy Psg (France) 4-1. Teo amin'ity lalao farany ity, izay nampisy resa-be tany Eoraopa tany dia nahatafiditra baolina 3 tamin'ireo matin'ny Psg ilay kintan' ny baolina frantsay Kylian Mbappé (28', 65' ary 85'). Ho mafimafy araka izany ny hiandry an-dry Messi sy ny namany amin'ny lalao miverina ho tontosaina any amin'ny kianja Parc des Princes any Paris amin'ny 10 martsa 2021 ho avy izao. Marihana fa omaly alarobia 17 febroary dia fihaonana 2 indray no niseho tamin'ity fifaninanana ity : Séville # Dortmund ; Porto # Juventus. Amin'ny talata 23 sy alarobia 24 febroary 2021 no hanatanteraha ny lalao mandroso manaraka hoan'ity 1/8-dalan'ity ligue des champions ny UEFA 2020-2021 ity, ka hidiran'ireo ekipa 4 hafa an-tsehatra: Atlético Madrid, Chelsea, Lazio ary ny Bayern Munich.

Namiratra ny mpilalaon'ny PSG ny talata teo.

Rainilita

Orange Pro League 2020/2021

Mpampidi-baolina be indrindra hatreto i Vévé

Mitohy hatrany ny fifaninanana baolina kitra "Pro League Malagasy 2020-2021", ka nahazoana ny voka-dalao andro farany tany amin'ireo "Conférences" 2 misy ao aminy : VOKA-DALAO ANDRO FARANY : Cosfa- Tia Kitra (4-1) ; Jet Kintana-Fosa Junior FC (1-1). Conférence Sud : AS ADEMA- 3FB Toliara (2-0) ; USCA-FOOT- Zanakala FC (1- 0) ; FC Ilakaka- CS-DFC (3-1).

Efa miditra amin'ny andro faha-7, araka izany ry zareo ao amin'ny "Conférence Sud" araka izao fandaharampotoana manaraka izao : FANDAHARAN-DALAO ANDRO FAHA-7 : sabotsy 20 febroary 2021, Kianja Maoderina Ampasambazaha : amin'ny 2h30 tolakandro : Zanakala FC- AJESAIA. Alahady 21 febroary 2021 : kianja Maoderina Ampasambazaha : amin'ny 2h30 tolakandro : 3FB Toliara- FCA Ilakaka. Alahady 21 febroary 2021 : kianja Elcego Plus Bypass Antananarivo : amin'ny 2h30 tolakandro : CS- DFC- USCAFOOT.

Marihana fa i Vévé Ranaivoarison mpilalaon'ny Five Fc ao amin'ny « Conférence Nord » efa nahatafiditra baolina 7, no mitana ny laharana voalohany eo amin'ny famonoam-baolina betsaka amin'ity fifaninanana ity, arahan'i Thino mpilalaon'ny Zanakala Fc efa nahafaty baolina 6 hatreto sy Pao mpilalaon'ny Fca Ilakaka efa nahafaty baolina 6 ihany koa (Samy avy ao amin'ny "Conférence Sud").

Rainilita

Ireo mpampidi-baolina be indrindra hatreto amin'ny Orange Pro-League.

Qualifiers Afrobasket 2021 –Fenêtre 3

Manoman-tena fatratra ny Malagasy any Tonizia

Ao anatin'ny fiatrehana ny fanazaran-tena tanteraka ankehitriny, ny ekipam-pirenena Malagasy sokajy sénior lehilahy, eo amin'ny taranja basket-ball any Tonizia any. Marihina fa tamin'ny zoma 12 febroary 2021 lasa teo ny delegasiôna malagasy no efa nigadona tany Tonizia ary nanomboka ny alatsinainy 15 febroary 2021, niatrika fanazaran-tena amin'io fifaninanana « Qualifiers Afrobasket 2021 – Fenêtre 3 », ho tontosaina ny 18,19 ary 20 febroary 2021 ho avy izao io. Tamin'ny talata 16 febroary 2021, tao amin'ny kianja MZALI Monastir any Tonisia dia resin'ny ekipam-pirenen'i Egypte tamin'ny isa 90 noho 70 ny Ankoay Malagasy tamin'ny lalao ara-pirahalahiana ho fanomanan-tena nifanaovan'izy ireo.

Rainilita

Ny ekipam-pirenena Malagasy eo amin'ny basket-ball.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 13/02/2021 hatramin'ny 20/02/2021

- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1129-02-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

DIPLAOMASIA

Hanampy ara-tsakafo ireo kere any Atsimo i Japon

3 tapitrisa dolara amerikana ny fanampiana maika avy amin'i Japon ho fanampiana ara-tsakafo ireo kere anyAtsimon'i Madagasikara. Tamin'ny 16 Febroary 2021 dia nanapa-kevitra ny Governemanta japoney, fa hanome fanampiana maika mitentina 3 tapitrisa dolara amerikana, na 330 tapitrisa yen, na 11.4 miliara ariary eo, ho valin'ny « fiantsoana maika », natomboka tamin'ny 18 Janoary 2021, iarahan'ny Governemanta Malagasy sy ny Rafitry ny Firenena Mikambana. Ny olan'ny haintany sy ny hanoanana any Atsimon'i Madagasikara dia noho ny rotsak'orana ambany indrindra tao anatin'ny folo taona lasa, nandritra ny taom-pambolena 2019-2020. Ankoatr'izay, tamin' ny taona 2020, ny aretina Covid-19 dia nanampy trotraka ny fahavoazana ihany koa.

Manoloana an'io toe-javatra manaitra io, ary ho valin'ny antso amin'ny alalan'ny "Fiantsoana maika" avy amin'ny Governemanta Malagasy, sy ny Rafitry ny Firenena Mikambana, ny Governemanta japoney dia nanao hetsika tamin'ny famoahana vola 3 tapitrisa dolara amerikana (manodidina ny 11,4 miliara ariary). Ity fanampiana maika ity dia fanampiana ara-tsakafo sy fomba fanampiana amin'ny endriny samihafa, amin'ny alàlan'ny Rafitry ny Firenena Mikambana eo amin'ny sehatra ara-tsakafo: "World Food Program (WFP)",sy ny Fikarakarana ny Ankizy "United Nations Children's Fund (UNICEF)".

Ireto avy ny votoatin'ity fanampiana ity:

- Fanomezana fanampiana ara-tsakafo ho an'ny olona 73000 eo ho eo.
- Fanomezanafamenontsakafo ho an'ny vehivavy bevohoka 3.600 eo ho eo, sy ankizy 11000.
- Fanomezana fitaovana ara-pahadiovana sy arapahasalamana samihafa ho an'ny tokantrano 290 eo ho eo.
- Fiantohana fahazoana misotro rano madio ho an'ny olona manodidina ny 10000.

I Japon dia manohy hatrany ny fanohanana ny Governemanta Malagasy amin'ny fiatrehany ny fanamby atao any Atsimo ary miezaka ho eo anilan' ny mponina any Atsimo, izay ianjadin'ny tsyfahampian-tsakafo KERE, sy tsy fahampian'drano.

Aly

Ny ambasadaoron'ny Japon eto Madagasikara.

Sendikan'ny mpiasan'ny ladoany

Mitaky ny hanidiana tanteraka ny sisintanin'i Madagasikara

Miantso ny Pac (Pôle Anti-corruption) ny Sempidou (Sendikan'ny mpiasan'ny Douanes), mba hanatanteraka fanadihadiana lalina ao anatin'ny mangarahara, mba tsy hiampanga an'ireo olona tsy manan-tsiny mikasika ny raharaha volamena 73,4 Kg ary hisambotra ny tsy maty manota, sy ny "Gros poisson", mikasika an'io raharaha io. Io no nisongadina nandritra ny fanambarana nataon'ny Sempidou nanoloana ny mpanao gazety afak'omaly, tetsy amin'ny sampandraharahan'ny hetra etsy Ankadifotsy. Nanao ny fanambarana Andriamatoa Andrianavalona Ramanambola Herizo, filohan'ny Sempidou, miantso ny mpanao politika mba tsy hanao sorona ny mpiasan'ny fadintseranana, manoloana ny afera izay ataon'izy ireo ary miangavy amin'ny manam-pahefana, mba tsy hanao fanaparam-pahefana amin'ny mpiasan'ny fadintseranana izay manao ny asany. Nanamafy ny filohan'ny Sempidou tao anatin'ny fanambarana nataony, fa mbola misy ireo sidina hafa ankoatran'ny "Rappatriement" sy ny "Evacuation sanitaire" ary ny "Cargo", izay mbola hitan'ny mpiasan'ny fadintseranana, noho izany mitaky ny hanidiana tanteraka ny sisintanin' i Madagasikara ny Sempidou. Nanamafy ny filohan'ny Sempidou, fa tsy hanaiky intsony ny hetraketraky ny manam-pahefana, sy ny mpanao politika ary hijoro hatramin'ny farany manoloana ny fiampangana ny mpiasan'ny fadintseranana amin'ny raharaha maloto ataon'izy ireo. Namarana ny fanehoan-keviny ny Sempidou, fa mpiasam-panjakana manao ny asany ihany ny mpiasan'ny fadintseranana, fa tsy tompon'ny entana akory, ka hizaka ny sazy any am-ponja rehefa misy ny fahatratrarana sy fiakaran'ny raharaha.

Franck Razakambelo

Ireo avy amin'ny SEMPIDOU.

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

N° 338



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0337)

Mitsivalana

- Fantsika
- As – Kilao (miv)
- Ravitoto
- Ra
- Tian(a)
- Ralambo
- Ary – Aina

Mitsangana

- Faritra
- Asa – Ray (miv)
- Voaly
- Toy – Na
- Sata – M
- Ilo – Aby
- Kitr(a) – No (miv)
- Laoka (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 338



Mitsivalana

1. Karazam-borona **2.** Vehivavy voalohany – Itovizan'ny rano sy ny tany **3.** Honahona **4.** Fitaovam-patsakana (BL) – Embona sy eritreritra (miv) **5.** Gaga sy talanjona – Naoty **6.** Fiandohan'ny alina – Hekitara (miv) – Marina (miv) **7.** Safidy – Faran-teny (miv) **8.** Fafao (miv) – Fay (miv) **9.** Ao amin'ny mozika **10.** Karatra – Ao an-damosina

Mitsangana

A. Ampela **B.** Laoka, sakafo (BL) – Isa (miv) **D.** Ikopa, Mamba, Sisaony – **E.** Vokatry ny tany – Irina **F.** Mifanohitra amin'ny matavy – Hiaka fanentanana **G.** Tampisaka – Lasopy (miv) **H.** Endrika amam-bika (miv) – Mpanondro manolotra (miv) **I.** Tsirin-teny Mpifanao – Kaontinanta **J.** Reraka (BL) – Hita amin'ny tarehy **K.** Vatany (miv) – Kanto

Valiny Teny mifanaraka 0337

Mitsivalana

1. Harafesina **2.** Ozona - Tafa (miv) **3.** Rova - Akany **4.** Voly (miv) - Mav(o) **5.** Hetaheta **6.** RM - Lalao **7.** Aatony **8.** OM - No - To **9.** Mitranga (miv) **10.** Fanairana

Mitsangana

A Horohoro **B.** (H)azo **D.** Rovitra - (R)an(o) **E.** Analamanga **F.** Fa - Oh-Tony **G.** Avelo - Rà (miv) **H.** Sak(a) - Tanora **I.** (M)ifamaly - TN **J.** Nana - Tia **K.** Vita (miv) - Mofo (miv)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny tafa tamin'y mpanao gazety nataon'ny RMDM tao amin'ny QG Bel'Air Ampandrana.

Ny solontenan'ireo orinasa madinika mpanao lalana tsy voaloan'ny fitondrana ny volany.